CONSULATE of MADAGASCAR
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

RAHARAHA SAHANAN'NY KONSILY

Filazana

- Ny **saram-bindy** rehetra dia aloha amin'ny **EURO**, izay **tsy azo averina na onerana**.
- Mba hisorohana ny fahantarána eo amin'ny fikarakarana, dia hiangaviana ny tsirairay hamaky mialoha ny filazana, izay vao hanantona ny Konsily.
- Ny fangatahana rehetra dia tokony haseho ny Konsily ao Budapest, Hongria.

Andraikitry ny Konsily

1. Fanamarinana ara-dalàna ireo antontan-taratasy (Légalisation).

- Ireo antontan-taratasy avy any tamin'ny Minisitry ny Raharaham-Bahiny na ny manampahefana hafa any Madagasikara;
- Antontan-taratasy ofisialy nomen'ny manam-pahefana hôngroá;
- Fanamarinana ara-dalàna ny fitondran-tena mendrika, nomen'ny manampahefana any Madagasikara;
- Fanamarinana ara-dalána ny Nahaterahana (***Acte de Naissance***) na Kôpian'ny Nahaterahana izany, Bokim-mpianakaviana (***Livret de Famille***), Taratasy Fanamarinana Fanambadiana (***Acte de Mariage***), Taratasy Manamarina fa Tsy Manambady (***Certificat de Célibat***) nomen'ny Manampahefana any Madagasikara na teto Hôngria na teto Eoropa;
- Taratasy fanamarinana ara-dalàna ireo fanafody, izay napetraky ny mpangataka na ny manam-pahefana milaza fa ara-dalàna, izay natao tamin'ny teny Anglisy / frantsay;
- Fanamarinana ara-dalàna ny fanekena ny sonia ofisialy sy ny fotomboka ao anaty taratasy iray;
- Fanamarinana ara-dalàna ny fanekena ny dikan'antontan-taratasy ***(Traduction)*** nataon'ny Konsily na nataon'ny mpanjifa hafa;
- Fanamarinana ara-dalàna ny **kôpia** rehetra / **fôtôkôpian'ny** antontan-taratasy ofisialy ***(Carte d'Identité, Carte de Résidence, Carte d'Étudiant sy ny sisa);***
- Famoahana taratasy fanamarinana ho an'ny dingana tsirairay, raha ofisialy no ilaina izany;

Fepetra takiana:

- Fanolorana ireo antotan-taratasy, izay ho amarinina ho ara-dalàna;
- Saram-bidy **isaky ny pejy**, izay tsy azo averina na onerana: **50 euros.**

2. Taratasy Vonjy taitra - "Laissez Passer"

Ny " **Laissez Passer**" dia Taratasy Vonjy Taitra izay azo homena ny olom-pirenena Malagasy monina any ivelany, mandritry ny ijanonany any, ary voamarika tanteraka anefa ny fahaverezan 'ny

fahaverezan'ny pasipaoro. Ity antontan-taratasy ity dia azo ampiasaina handehanana any Madagasikara.

Ny " **Laissez Passer** " dia tsy azo ampiasana mihoatra ny zotra mandeha any Madagasikara. Tsy maintsy aseho ny manampahefana misahana ny fifindra-mponenana ao Madagasikara izy ity, vao eo ampahatongavana eo amin'ny seranam-piaramanidina Ivato. Ny "**laissez-passer**" dia mana-kery izay voafetra ho iray volana hatreo amin'ny daty nanomezana azy.

Fepetra takiana:

- Fangatahana an-taratasy milaza ny antony;
- Fanamarinana nomen'ny Polisin'ny hongroà, manaporofo ny fahaverezan'ny pasipaoro;
- Fôtôkôpian'ny tapakilan'ny fiaramanidina (billet d'avion) mankany Madagasikara;
- Sary tapaka iray (4X4 cm);
- Saram-bidy, izay tsy azo averina na onerana: **100 euros.**